


**BARIVILA RASOAVATSARA**



REMERCIEMENTS

Profondément touchés par vos témoignages de compassion et de sympathie,
Son épouse : Ony RAJAOARISOA
Ses enfants : Tiavina, Fitia, Aymeric
Ses parents et grands-parents
Ses frères et sœurs,
Ainsi que toute la famille,
vous expriment leurs vifs remerciements lors du départ de leur bien-aimé :

**RASOAVATSARA Bariliva**

survenu le 11 Novembre 2012.
Puisse Dieu vous garder dans sa grâce et sa bénédiction.

**++++++++++++++++++++++++++++++++++++++++++++++++++**

Nodimandry ny Alahady faha-11 Novambra 2012 , tamin'ny 10 ora maraina, teo amin'ny faha-50 taonany i Bariliva, izay mpitendry valiha ao amin'ny tarika Kolibera, Erick Manana ary Feo Gasy.

Araka ny vaovao azo avy tamin'ni Bebey (Lôlô sy ny tariny), vokatry ny aretin'ny sarakaty no nitarika ny fahafatesan'i Barivila. Efa nitsabo tena tany ivelany izy nialohan'ny nodiany taty

Madagasikara. Ny zoma teo no nampidirina tao amin'ny *« Clinique des Soeurs »* ao Ankadifotsy.

Rasoavatsarà Bariliva no tena anarany. Mpianatr'i Jean Bernardson izy, izay namolavola azy teo amin'ny mozika klasika amina piano. Fa ny hamonium sy ny orga no tena nankafiziny. Efa nitendry valiha izy fony mbola mpianatra tany Bordeaux, ary tany no nifanenany tamin-dry Erick Manana sy ireo zanak'i MR Razafy. Rehefa niverina taty Madagasikara, niara-dàlana tamin-dry Kolibera sy i Nini zanany izy, ary niara-nanangana ny tarika TARATRA. Io tarika io no lasa tarika KOLIBERA taty aoriana.

Nandalo tao amin'ny Vaomaintilany i Bariliva, fomba fitendry mozika noforonin'i Prosper Ralaiarimanana. Nanomboka teo ny fitiavany ny hira sy feo vakodrazana malagasy eto ampovoan-tany.

Ankoatra ny hiran'ny tarika, mpamelona ny sanganasan'ny tarika Ny Antsaly koa izy ireo, ary tena voafehin'i Kolibera ny fitendrena valiha toa ny nataon-dry Sylvestre Randafison. Antsoin'i Erick Manana hatrany izy ireo hanaraka azy rehefa manao fampisehoana aty Madagasikara izy, ary ny farany aza, lasa mpikambana feo tao amin'ny tarika Feo Gasy koa i Bariliva. Mbola ao anatin'ny *« Compagnie Erick Manana & Jenny »* ihany koa izy, ary anisan'ireo tokony handray anjara amin'ilay fampisehoana *« Erick Manana à l'Olympia »*, faharoa, izay hatao ny 13 Janoary 2013.

Izahay eto amin'ny madagate.com dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakavian'i Barivila. Ny vatany no tsy hitan-tsika intsony fa ny mozikany sy ny sangan'asany dia mitoetra mandrakizay.

**Jeannot Ramambazafy**

**FILAZANA MANJO**

Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsaganan'ny tena amin'ny maty no ampadrenesanay anareo fa ny hava-malalanay





**RASOAVATSARA**
**Bariliva**

dia nodimandry ny Alahady 11 Novambra 2012

Hoy :

**Ny vadiny** : Harinony RAJAOARISOA

**Ny zanany:**
" RASOAVATSARA Tiavina Stéphane
" RASOAVATSARA Fitia Marine Anaïs
" RASOAVATSARA Barinjaka Valiniavo Aymeric

**Ny ray aman-dreniny:**
" Mme veuve RASOAVATSARA Zoely
" RAJAONARIVELO Georges Antoine mivady

**Ny renibeny** :
" RASOANARY Hélène
" BUISSON Germaine

**Ny iray tampo aminy**:
" RASOAVATSARA Samiarijesy sy Fara ary ny zanany
" RAZAFINANDRIANA Florent sy Verohanta ary ny zanany
" RASOAVATSARA Narijoely sy Maria ary ny zanany
" RANDRIANANDRAINA Mpanarivo sy Saholy ary ny zanany
" ANDRIAMANDRANTO Jacky Alain sy Hanitra ary ny zanany
" ANDRIANARIJESY Solofo sy Dorothée ary ny zanany aman-jafiny
" RAZAFINDRAIBE Nirilanto Seheno sy Carine ary ny zanany
" RAZAFINDRAIBE Tiana Norolalao

**Ny iray tampo amin'ny vadiny**: RABARIJOHN Henri sy Corinne ary ny zanany

**Ny havany avy amin'ny rainy. Ny havany avy amin'ny reniny**
**Ny fianakaviana manontolo**

**Ny namany sy ny mpiara-miasa**:
" Ny tarika Kolibera
" Ny tarika Feo-Gasy
" Ny tarika Lolo sy ny Tariny
" Ny Iarivo Moto Club
" Ny groupe Madécasse

Ny mpitandrina sy ny Fiangonana FJKM Amboditsiry Mifankatia
Ny mpitandrina sy ny Fiangonana FJKM Ambohidratrimo Marovatana

Ny nofony dia hiala ao an-tranony Lot C12 Isotry ny Alakamisy 15 Novambra 2012 amin'ny 01 ora tolakandro, ary hoentina hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny FJKM Amboditsiry Mifankatia alohan'ny hametrahana azy ao amin'ny fasan-drazany ao Amboditsiry ihany

*"Jehovah no mpiandry ahy, tsy hanan-java mahory aho" (Salamo 23, 1)*

Tsy misy voninkazo, tsy misy fiaretan-tory

**FILAZANA MANJO**

Amin'alahelo lehibe no ilazanay

TARIKA KOLIBERA,

fa ny namana :

**RASOAVATSARA BARILIVA**
**Mpitendry valiha ao anatin'ny Tarika**

dia nantsoin'ny Ray hody any Aminy.

*Misaotra tompoko*

La Direction et tout le personnel du
**GROUPE MADECASSE**

Ont la douleur de vous faire part du décès de :

**Bariliva RASOAVATSARA**

**Proche Collaborateur**

Survenu le 11 Novembre 2012

La cérémonie religieuse aura lieu
Le Jeudi 15 Novembre à 13h
à l'église FJKM Amboditsiry Mifankatia

L'inhumation aura lieu à Amboditsiry